

PACES : ireo fehezanteny manamora fitadidiana mandritra ny famerenan-desona

Ny famerenan-desona dia mamela ny sainao hahatsiaro, sy mampahatsiahy ireo ampahan-desona hadino nandritra ny enimbolana iray, ary tsy lavitra akory fa aloha kelin'ny fifaninana. Tsy maintsy iverenana jerena ny lesona ary indrindra sorohy ny miverina mianatra azy indray mandeha satria ny fiverenana mianatra dia mandany fotoana betsaka.

Mazàna, sahirana ianao, mandritra ny fiverenanao mijery ny lesona iray, mitadidy ny fizarana sasany na efa miverina matetika aza izany.

Efa fanintelony na faninefany no nijerenao ilay lesona nefa mbola misy singa sasany ao aminy tsy mbola voafehinao ary tsy mety hiditra ao an-tsainao.

Mazana no an-teny, ohatra tononkalo fohy na teny tsy mitondra hevitra manokana, izay afaka mampahatsiaro ny lisitra lava be ireo fomba fanamorana ny fitadidiana.

Mameno ny *famerimberenana* sy ny *fomba fiasa mamerimberina-mielanelana* izy ireny ary mivoy ny fivondronan-kevitra ao amin'ny voan-kevitra amin'ny alalan'ireo firafitra mora tadidiana, na noho izy efa mahazatra loatra, na noho izy hafahafa.

Ireo fehezanteny manamora ny fitadidiana ireo dia miorina amin'ny fahafahan'ny olona iray mitadidy ny fahalalana mifamatotra amin'ny habaka (ohatra : efajoro na zavatra iray ao an'efitranony), amin'ny maha olona azy (ohatra : fanampin'anmarana, daty nahaterahana) na amin'izay fahalalana rehetra misy heviny.

Ao amin'ny firafi-pehezanteny, eny na amin'ireo sary tadidy aza (ohatra : ireo mind-maps) dia tokony hisy hevitra mivoaka hatrany raha tsy izany mantsy dia ho sarotra ny mitadidy ilay fahalalana.

Ankoatara ny fitadidiana “am-pihainoana” na “am-pijerena”, ny foto-kevitra iorenanan'ny fomba fiasa dia ny fisian'ny karazam-pitadidiana roa sosona ny fitadidiana “*voajanahary sy ny voatr'olombelona*”

Ny tadidy voajanahary dia efa nenti-teraka ary ampiasaina andavanandro. (ohatra: fanampin'anmarana, toerana, zavatra...)

Ny faharoa kosa indray dia azo avy amin'ny fanazaran-tena mitohy atao amin'ny fianarana (ohatra: ny lesonao ao amin'ny P1 hianaranao tsianjery);

Ahafahanao mampifandray ny fitadidiana voajanahary amin'ny fitadidiana voatr'olombelona Ireo fehezanteny manamora fitadidiana ireo mba hahafahana mampitombo azy.

Tokony hampiasa ireo hatrany ianao raha vantany vao mahita fizarana iray sarotra hianarana na afangaronao amina zavatra hafa.

Manampy amin'ny **fandanjalanjana ny habetsahana tafahoatra eo amin'ny famerenan-desona** ireny fehezanteny voalaza ireny, izany hoe mitazona fahalalana betsaka ao an-tsaina kanefa tsy manafangaro ireo karazan-kevitra.

Mora tadidy kokoa ny fehezanteny somary kidaladala, araka ny traikefa ananana, izany indrindra no tsy maintsy hananana saina tia mamorona ary tsy mihanona fotsiny amin'ny endrika fehezanteny na fomba fanamorana fitadidiana mitovy amin'ny teo aloha.

Fomba fananganana fehezanteny :

Mba ialana amin'ny fandaniam-potoana sy mba tsy hahatonga ny fehezanteninao ho sarotra kokoa noho ny lesonao, ny fehezanteny safidianareo dia tsy ilaina akory **rehefa tsy hanampy anao haingana amin'ny fitadidiana.**

—> **Fampiasa amin'ny tsangananteny**

Manangana teny iray avy amin'ny fiandohan'ireo anarana rehetra tokony hotadidiana.

Ohatra : Ireo vanim-potoana telo ao amin'ny fafan'i Mendeleïev ?

Vanim-potoana 1: H sy He

Vanim-potoana 2: **Li Be B C N O F Ne**

« **Lili Berce Bébé** Chez Notre **Oncle Ferdinand Nestor** ».

Vanim-potoana 3: **N Mg Al Si P S Cl Ar**

« **Napoléon Mangea Allègremenet Six Poulets Sans Claquer d'Argent** ».

—> **Fampiasana ny fampivondronan-teny**

Fampivondronana ny teny sy ny anarana rehetra izay tianao hiaraka amin'ny hafa hitovitovy kanefa manana tombony noho izy mora tadidina kokoa.

Ohatra : Ireo karepotaolam-pamavanin'ny lohalika na « *ménisques du genou* » sy ireo endriny ?

- karepotaolam-pamavaniny anaty na *Ménisque médial (Interne)* miendrika **C**.
- karepotaolam-pamavaniny ivelany na *Ménisque latéral (Externe)* miendrika **O**.

« **C**Itr**O**En »

–> Fampiasana ny fifanahafam-peo

Atao azo sary an-tsaina ny teny iray na maromaro mitovitovy faneno.

Ohatra : Lisitr'ireo « *acides aminés* » fototra miisa iraika ambin'ny folo (11)?

Leucine, Thréonine, Lysine, Tryptophane, Phénylalanine, Valine, Méthionine, Isoleucine

« **Le très lyrique Tristan fait vachement méditer Iseult** »

–> Fampiasana paikan-tsoratra

Jerena izay soratra mitovy.

Tsy fahampian'ny **Acétyl**choline mifandray amin'ny aretina **AL**zheimer

Tsy fahampian'ny **do****PA**mine mifandray amin'ny aretina **PA**rkinson

–> Fampiasana ny abidia

Ny tarehin-tsoratra voalohany ao amin'ny hevitra hotadidina dia tokony hitohy amin'ny tarehin-tsoratra ny hevitra hotadidina faharoa.

Ohatra : Ao amin'ny « disomie uniparentale »

Ny tsy fampisarahana ao anatin'ny vondrona voalohany dia hiteraka **h**étérodisomie.

Ny tsy fampisarahana ao anatin'ny vondrona faharoa dia hiteraka **i**sodisomie.

« a b c d e f g **H I** » : Ny tarehin-tsoratra **H** dia eo alohan'ny **I** noho izany **H** = fizarana voalohany ary **I** = fizarana faharoa

–> Fampiasana ny vaninteny

Isaina ireo vaninteny mba hahafahana mitadidy ny lesona.

Ohatra : Ny *ombilic* (vaninteny 3) sy *ombilique* (vaninteny 4)

Hita eo amin'ny L3/L4 ny *ombilic* ary mipetraka eo amin'ny 3 – 4 sm ambony ivon'ny vatana.

– > **Kisary sy mind-maps**

Tena ilaina ho an'ireo izay manana fitadidiana an-jery ny lesony.

Aza hadinoina fa ny fehezanteninao manokana no tena mahomby ary tokony ho tsotra sy fohy mba tsy hanentsina ny sainao.